MINISTÈRE DE L'ENSEIGNEMENT SUPÉRIEUR
ET DE LA RECHERCHE SCIENTIFIQUE

SECRÉTARIAT GÉNÉRAL

DIRECTION GÉNÉRALE DE L'ENSEIGNEMENT SUPÉRIEUR

DIRECTION DE L'ENSEIGNEMENT SUPÉRIEUR

Service du Baccalauréat

MESUPRES

BACCALAURÉAT D'ENSEIGNEMENT GÉNÉRAL

SESSION 2022

OSE

Série : OSE
Options : OSE
Code matière : 005

Épreuve de : MALAGASY
Durée : 04 heures
Coefficient : 3

**NB** : **-Tsy maintsy atao ny Laza adina I.**
**-Isafidianana ny Laza adina II.**

## I- LAZA ADINA I : Tsy maintsy atao (Isa 06)

1. a) Manomeza lahabolana roa samy hafa. **(Isa 02)**
   b) Lazao ny foko na faritra manao azy
2. Ny tsiny sy ny tody **(Isa 02)**
   a) Lazao ny toetra iraisany (Valiny 2)
   b) Inona no maha samy hafa azy ireo ? (Valiny 2)

3. a) Fenoy amin'ireto teny ireto ny banga amin'ny fehezanteny eto ambany : - Malagasy
   - malagasy

   Soatoavina manana ny lanjany teo amin'ny ………… ny fihavanana. Any amin'ny faritra hafa dia misy fomba …………… efa hadino. **(Isa 02)**

   b) Ampiasao ao anaty fehezanteny iray avy ireto :
   - Noho ny
   - Nony

## II- LAZA ADINA II. Isafidianana ny A sy B. (Isa 14)

### A- FAMAKAFAKAN-KEVITRA

Hoy ny Ntaolo :
« Ny fanahy no olona». Maro anefa no mirona amin'ny "Ny vola no maha Rangahy"ankehitriny.
**Fakafakao.**

### B- FANADIHADIANA LAHATSORATRA

**Ny amin'ny olombelona**

(…) Tsy misy azo antoka ho maharitra mandrakizay anefa ny toetra eto ambonin'ny tany fa : «Ny olombelona tsy main-tsy lena» ; mora soa mora ratsy », ary «toy ny voatra ampangoro, ka mifandimby ambony sy ambany», koa «ny ambony aza manindry, ny ambany aza mandrirotra»

Ny mifanasoa no anjaran'ny olombelona, ka tandremo lahy sao dia rambony manamavo ny vodiny ; fa aoka kosa mba lelany hanamandina ny trafony». Ary «tsongoy fon-tena, tsongoy fon'olona, fa raha mahalala marary ny an'ny tena, mba mahalala marary ny an'ny olona».

Ary aza mivarilavo na mamoy fo raha sendra voan'ny mafy, fa «ny fositra ve no tsy hambolem-boavahy ? ary «raha indray mandeha no manta vary dia aiza no handevin-tsotrobe ?»

NTAOLOZANDRINY,
in. Fanilon'ny Tanora, Lah : 62, Desambra 1962

**Hadihadio io lahatsoratra io.**